MINISITERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETRANDRO

-----------------------------------

SEKRETARIA JENERALY

--------------------------

FOIBE FAMANTARANA NY TOETRANDRO

--------------------

FITALEAVANA NY FIKAROHANA SY FAMPANDROSOANA HYDROMETEOROLOJIKA

------------

SAMPAN'ASA MISAHANA NY FAMPIHARANA NY TOETRANDRO

# GAZETY ISAM-BOLANA MOMBA NY TOETRANDRO SY NY FAMBOLENA

Nivoaka ny 06 Februoary 2023

**Fintina:**


A- Toetry ny rotsakorana volana Janoary 2023.

B- Jery todiky ny toetrandro sy fambolena volana Janoary 2023.

D- Vinan'ny rotsakorana ho an'ny volana Febroary 2023.

E- Vinan'ny toetrandro sy fambolena ho an'ny volana Febroary 2023.


Torolàlana ho fanamorana ny famakiana ity gazety ity.

Fifandraisana



## A- TOETRY NY ROTSAKORANA TAMIN'NY VOLANA Janoary 2023

Tamin'ny volana Janoary 2023 dia nahazo orana avokoa ny Faritra rehetra, ankoatran'ny ampahany kely amin'ny Faritra Atsimo Andrefana (Sary 1).

Raha oharina tamin'ny volana Janoary 2022 dia maina kokoa ny Janoary 2023 ho an'ny Faritra Sava, Sofia (ampahany Atsinanana), Atsinanana, Analanjirofo, Alaotra Mangoro, Analamanga ary Betsiboka. Ho an'ny Faritra sisa indray dia betsaka na mitovitovy tamin'ny orana azo tamin'ny taon-dasa ny orana nirotsaka tamin'ny Janoary tamin'ity taona ity (Sary 2).





*Sary 1. Rotsakorana ny volana Janoary 2023*





*Sary 2. Fampitahana ny rotsakorana Janoary 2023 sy Janoary 2022*

Araka ny tondron'ny hain-tany SPI1 dia hita fa tena mando ny volana Janoary 2023 ho an'ny Faritra Boeny, Melaky, Bongolava, ary Vatovavy; ny ilany andrefan'ni Sofia, Betsiboka sy Itasy ary Vakinankaratra. Ho an'ireo Faritra sisa indray, dia rotsakorana manodidina ny salanisa no nirotsaka tamin'iny volana lasa iny (Sary 3).

Raha ny tondron'ny hain-tany SPI3 (fampitahana ny fitambaran'ny rotsakorana Novambra 2022, Desambra 2022 ary Janoary 2023 amin'ny ny salan'isa ny rotsakorana nandritra ireo telo volana ireo) no jerena, hita fa tao anatin'ny telo volana lasa dia rotsakorana kely noho ny salanisa no azo tao Diana, Sava, Atsinanana, Analanjirofo ary Sofia (ampahany Atsinanana). Ho an'ny Faritra sisa dia manakaiky na ambonin'ny salanisa ny rotsakorana azo (Sary 4).




*Sary 3. Tondron'ny haintany SPI1 Janoary 2023*




*Sary 4. Tondron'ny haintany SPI3 Janoary 2023*

## B- JERY TODIKY NY TOETRANDRO SY FAMBOLENA VOLANA Janoary 2023

Resahina manokana amin'ity gazety ity ny fanaraha-maso ny fahatomombanan'ny filàna rano hoan'ny voly vary sy katsaka miankina amin'ny rotsakorana.


Toy izao ny foto-kevitra amin'izany : fantarina aloha ny fanombohan'ny vanim-potoana mety amin'ny famafazana, avy eo dia kajiana ny fahatomombanan'ny filàna rano ary raisina ho datin'ny famafazana ilay fanombohan'ny vanim-potoana mety amin'ny famafazana.

***Fanamarihana :*** *Miovaova araka ny faritra ny halavan'ny tsingerim-piainan'ny vary sy ny katsaka. Hitantsika ao anatin'ny torolalàna hofanamorana ny famakiana ity gazety ity ny antsipirian'izany.*

### VOLY VARY MIANKINA AMIN'NY ROTSAKORANA


Hita fa nanomboka ny Janoary 2023 ny vanim-potoana mety amin'ny famafazana ny vary miankina amin'ny rotsakorana ho an'ny Faritra Analanjirofo, Sava, Diana, Sofia (tapany Atsinanana), Menabe (Manja) ary Atsimo Andrefana (tapany Avaratra). Ho an'ny tapany Atsimo amin'ny Faritra Atsimo Andrefana sy Androy kosa dia tsy ampy ho an'ny fambolena vary miankina amin'ny rotsakorana ny orana amin'ity taom-pambolena ity (Sary 5). Fa hoan'ny Faritra sisa izay tsy voatanisa dia efa afaka nanomboka tany alohan'ny volana janoary 2023.

Miovaova araky ny toerana ny fahatomombanan'ny filàna rano (misy ampy ary misy ny tsy ampy) hatramin'ny faran'ny volana Janoary lasa teo (Sary 6). Mety lasa be loatra ary ny orana azo ho an'ny faritra sasany.




***Sary 5. Fanombohan'ny vanim-potoana hita fa mety amin'ny famafazana ny faran'ny Janoary 2023***

***Voly vary miankina amin'ny rotsakorana***





***Sary 6. Tondron'ny fahatomombanan'ny filàna rano ny faran'ny Janoary 2023***

***Voly vary miankina amin'ny rotsakorana***


## VOLY KATSAKA AN-TANETY

Efa nanomboka avokoa ny fotoana mety amin'ny fambolena katsaka an-tanety eto Madagasikara (Sary 7). Tsara ny fahatomombanan'ny filàna rano ny voly katsaka ny faran'ny volana Janoary amin'ny ankapobeany. Ho an'ny toerana vitsivitsy ihany no tsy ampy izany (Sary 8).




*Sary 7. Fanombohan'ny vanim-potoana hita fa mety amin'ny fambolena ny faran'ny Janoary 2023*

*Voly katsaka an-tanety*





*Sary 8. Tondron'ny fahatomombanan'ny filàna rano ny faran'ny Janoary 2023*

*Voly katsaka an-tanety*

## D- VINAN'NY ROTSAKORANA

Ny volana Febroary 2023, ho an'ny Faritra Boeny, Melaky, Sofia (tapany Atsimo Andrefana), Betsiboka, Analamanga (ampahany Andrefana), Bongolava, Menabe ary Atsimo Andrefana (Morombe) dia vinavinaina hahazo rotsakorana hifanaraka na hihena kokoa noho ny tokony ho izy. Hifanaraka na hanatombo kokoa noho ny tokony ho izy kosa ny rotsakorana ho an'ny Faritra sisa (Sary 9).




***Sary 9. Vinavina isam-bolana ny mety ho tahan'ny rotsakorana.***
*<u>Loharano</u>: Ny mety ho fizotry ny tonontaona. (DGM/DRDH/SVRC)*

## E- VINAN'NY TOETRY NY ANDRO MANOLOANA NY FAMBOLENA NY VOLANA Febroary 2023


Ny vinan’ny toetrandro sy fambolena dia tsy inona akory fa fampifanarahana ny mety ho fahatomombanan’ny filàna rano eo amin’ny voly iray sy ny vinan’ny rotsakorana ho an’ny volana hoavy.

Ny vina isam-bolana amin’ny mety ho tahan’ny rotsakorana dia manome sanda roa: rotsakorana ambany indrindra sy rotsakorana ambony indrindra. Ny vinavina mifanaraka amin’ny orana kely indrindra mety ho azo no jerena eto.

## VINA HO AN’NY VOLY VARY MIANKINA AMIN’NY ROTSAKORANA

Amin’ny ankapobeany dia ho tsara ny fahatomombanan’ny filàna rano ho an’ny voly vary amin’ny faran’ny volana Febroary (Sary 11). Fa ho an’ny tapany Atsimo amin’ny Faritra Atsimo Andrefana sy Androy kosa dia tsy ampy ho an’ny fambolena vary miankina amin’ny rotsakorana ny orana amin’ity taom-pambolena ity.

Hoan’ireo toerana efa betsaka ny rano ao an-tanimbary ny faran’ny volana febroary dia mila tandremana ny tsy hitomboan’izany. Mila karakaraina tsara noho izany ny tatatra fanarian-drano mba hialana amin’ny tondra-drano izay mety hanimba ny voly vary. (Tazomina eo amin’ny 10 sentimetatra eo ny hahavon’ny rano ao an-tanimbary).





***Sary 10. Vinan’ny tondron’ny fahatomombanan’ny filàna rano, hatramin’ny faran’ny Febroary 2023***

***Voly vary miankina amin’ny rotsakorana***

## VINA HO AN'NY VOLY KATSAKA AN-TANETY

Ho tsara ny fahatomombanan'ny filàna rano ho an'ny voly katsaka amin'ny faran'ny volana Febroary 2023, ankoatran'ny ampahany amin'ny Faritra Sofia sy ny sisiny Atsimo amin'ny Faritra Atsimo Andrefana sy Androy (*Sary 11*).




***Sary 11. Vinan'ny tondron'ny fahatomombanan'ny filàna rano, hatramin'ny faran'ny Febroary 2023***

***Voly katsaka an-tanety***

## TOROLALANA HO FANAMORANA NY FAMAKIANA ITY GAZETY ITY

### TOETRY NY ROTSAKORANA

**Hafoloana:** Fe-potoana 10 andro misesy .

**Hafoloana voalohany:** Andro voalohany ka hatramin'ny andro fahafolo ao anatin'ny volana (01-10).

**Hafoloana faharoa:** Andro faha iraika ambin'ny folo ka hatramin'ny andro faha roapolon'ny volana (11-20).

**Hafoloana fahatelo:** Andro faha iraika ambin'ny roapolo ka hatramin'ny faran'ny volana (21-faran'ny volana)

**Rotsakorana manan-danja hoan'ny fambolena:** Izany hoe ny fatran'ny rotsakorana misy fiantraikany eo amin'ny hamandoan'ny tany na dia eo aza ny fientonan-drano.

**SPI (Standardized Precipitation Index):**

Ny SPI dia tondro maneho ny fatran'ny tsy fahampiana na ny fahamaroan'ny rotsakorana mandritra ny vanim-potoana iray mitaha amin'ny fatran'ny rotsakorana tokony ho izy. Ny tondro SPI ihany koa dia ahafahana miantoka ny fanaraha-maso ny vanim-potoan'ny fahamandoana sy ny fahamainana.
Mamaritra ny fiovan'ny rotsakorana isam-bolana ny SPI1 ary manamarika ny fiovan'ny tambatry ny rotsakorana telo volana kosa ny SPI3.

### TOETRANDRO ANKAPOBENY MANOLOANA NY FAMBOLENA SY NY VINAVINA MIFANDRAIKA AMIN'IZANY

Ireto andininy manaraka ireto dia natao ho fanaraha-maso ireo karazam-boly an-tanety roa dia ny vary sy ny katsaka.

**Ny halavan'ny tsingerin'ny voly izay arahi-maso:**

- Voly vary miankina amin'ny rotsakorana:
  - 100 andro ho an'ny Faritra Androy sy Atsimo Andrefana.
  - 150 andro ho an'ny Faritra Alaotra Mangoro, Analamanga, Bongolava, Itasy, Vakinankaratra, Amoron'i Mania, Matsiatra Ambony, Ihorombe.
  - 120 andro ho an'ny Faritra sisa.
- Voly katsaka miankina amin'ny rotsakorana:
  - 90 andro ho an'ny Faritra Atsimo Andrefana et Androy,
  - 120 andro ho an'ny Faritra sisa.

**Fanombohan'ny vanim-potoana hita fa mety amin'ny famafazana :** Hafoloana ahafahana manao ny famafazana noho ny fahafenoan'ny fepetra rehetra takian'ilay voly. Tsara ny manamarika fa ny fitambaran'ny fatran'ny

rotsakorana sy ny fahatomombanan’ny filàna rano eo amin’ny voly anakiray no mamaritra ny fepetra takian’ny famafazana.

Araka izany, ny **"Tsy mbola mamafy"** dia midika fa tsy mbola voatondro ny daty fanombohan tsara ahazoana manatanteraka ny famafazana manoloana ny fitiliana sy ny vinavina rehetra natao.

**Tondron’ny fahatomombanan’ny filàna rano na WRSI:** Famantarana ny fahombiazan'ny vokatra araka ny fisian'ny rano.

**Dikan’ny maribolana amin’ny tondron’ny fahatomombanan’ny filàna rano:**

| **Tondron’ny fahatomombanan’ny filàna rano** | **Dikany** |
|---|---|
| Tena tsara | Nahafa-po ny rano tamin’ny volana lasa ; ary mbola mahavaly ny filàna rano ny voly ny tahirin-drano anaty tany amin’ny volana manaraka. |
| Tsara | |
| Tsy ampy | Tsy nahafeno tsara ny filàn’ny voly ny rano tamin’ny volana lasa. Raha mitohy io tsy fahampiana rano io amin’ny volana ho avy dia hitombo ny olana sy ny fahapotehan’ny voly. |
| Tena tsy ampy | Raha mitohy ny tsy fahampiana rano amin’ny volana ho avy dia hitombo ny olana sy ny fahapotehan’ny voly. Ambany loatra ny tahan’ny rano voatahiry anaty tany hany ka tsy afaka miantoka ny filàn’ny voly intsony. |
| Fahalazoana | Nahitana olana ny rano tamin’ny volana lasa ka mety hiteraka fahaverezan’ny vokatra. Mety hitarika fahalazoan’ny zavamaniry sy fihenan'ny vokatra ny fitohizan’izany haintany izany. |
| Fiandohan’ny famafazana izay tara na tsy voafaritra | Tsy mbola voafaritra ny fotoana tsara hanombohana ny famafazana ary tara raha oharina amin'ny mahazatra na tsy mbola voafaritra ny fanombohana tsara amin'ny famafazana amin’ny vanim-potoana voatondro. |
| Fiantombohan’ny vanim-potoana azo antoka amin’ny famafazana | Tsy mbola voafaritra ny fotoana tsara hanombohana ny famafazana fa tsy tara raha oharina amin'ny mahazatra. |

**Vinan’ny toetry ny andro manoloana ny fambolena:** vinavina ny fanombohan’ny vanim-potoana tsara ho an’ny famafazana/fambolena sy ny tondron’ny fahatomombanan’ny filàna rano ho an’ny volana ho avy mifanaraka amin’ny vinan’ny rotsakorana ambany indrindra ho an’io volana io.

*Afaka sitrahana amin'ny alalan'ny tolotra mandroso **321 ny tetiandrom-pambolena** nanomboka ny Aogositra 2019. Hafatra am-peo izay manolotra torohevitra sy fahaiza-manao mahakasika ny toetrandro manoloana ny fambolena no heno amin'izany; miova isam-bolana ary natokana ho an'ny faritra rehetra eto Madagasikara ny tetiandrom-pambolena.*

*Manasa antsika hiantso avy hatrany ny **321** ho an'ny mpanjifa Airtel ary ny **033 33 00 321** ho an'ny tambazotra hafa. Miditra ao amin'ny tolotra **Fambolena** na ao amin'ny **Météo sy ny tetiandrom-pambolena** ary manaraka ny toromarika rehetra voalaza ao.*

***Fisoratana anarana hisitrahana ny gazety isam-bolana momba ny toetrandro sy ny fambolena***

*Manasa anao handefa ny mailaka amin'ity adiresy ity **smameteo@gmail.com**, miaraka amin'ny antony : 'GAZETY ISAM-BOLANA MOMBA NY TOETRANDRO SY NY FAMBOLENA' – Fisoratana anarana »*

**Fifandraisana**

**Rantsana misahana ny fambolena sy ny toetrandro**
**Sampan-draharaha misahana ny fampiharana ara-toetrandro**
**(S.A.M)**
smameteo@gmail.com
034 05 027 44
www.meteomadagascar.com